
HONORABLES INVITES : NE SOYEZ PAS COMPLICES DE CE REGIME ...
POUR VOUS FAIRE PLAISIR, LES PAUVRES ET LES MENDIANTS ONT ETE
TRAITES COMME DES BETES, RAMASSES ET CONFINES LOIN DE VOS YEUX.
miara-dia amin'ny MMF
Mitsangàna Ry Malagasy
HONORABLES INVITES : NE SOYEZ PAS COMPLICES DE CE REGIME ...
POUR VOUS FAIRE PLAISIR, LES PAUVRES ET LES MENDIANTS ONT ETE
TRAITES COMME DES BETES, RAMASSES ET CONFINES LOIN DE VOS YEUX.
miara-dia amin'ny MMF
Mitsangàna Ry Malagasy

Gazety mivoaka isan'andro
Inona no Vaovao
« Izay mahara-baovao, tia fandrosoana »
Talata 22 novambra 2016 / N°- 2230 / 200 Ariary

Hadihady 2
Sahia mitsara tena !

Dontandroka — Randrianantenaina Georges

Mpanome lesona 2
Nila ady tamin ' ny mpanao gazety
ny Filoha Rajaonarimampianina



Fiaraha-mientana izy ity satria efa diso tafahoatra loatra ny afitsok'ity fitondrana Hvm/Rajaonarimampianina ity. Iza marina no tompon'ny tanindrazana ka dia atao tsinontsinona ireo mpanao gazety malagasy tokony hanome vaovao marina ho an'ny vahoaka? Fa mihevi-tena ho inona loatra ireto miseho mpitondra nampindramina fahefana ka dia manapatra izany tokoa, tsy asiany fetrany mihitsy fa mitombo andro aman'alina? Miantsy, mila ady, mangalatra, mandainga, mamorona. F'angaha ianareo ho eo foana mandrakizay e? Ny vy mety arafesina, ny olombelona tsy maintsy ho faty sao koa manantena fa ho adinon'ny Tantara ianareo mpambotry firenena sy mpanambany ny vahoaka malagasy ka ao anatin'izany vahoka izany ny mpanao gazety? SSsssss… Frankofolia tokoa izy fa tsy Frankofonia intsony. Dia inona indray ny manaraka?



Politika — Talata 22 novambra 2016 — Inona no Vaovao

Mpanome lesona

## Nila ady tamin ' ny mpanao gazety ny Filoha Rajaonarimampianina

**Nitsanga - menatra noho ny kabariny ihany ny Filoha Rajaonarimampianina Hery, tany Antsirabe, omaly. Izany no hoe nanaratsy tena toa omby hantsika. Niseho ho mpanome lesona ho an ' ny mpanao gazety, ary nila ady ankolaka mihitsy aza tamin ' ny fanomezana moraly. Saingy nailikilika ny mpanao gazety miasa any an - toerana.**

Nanondrana indray ny sasany, tany Antsirabe. Nijoro ho mpanome lesona ho an' ny mpanao gazety mantsy ny Filohampirenena nandritra ny lahateniny nanokafana ny fivorian' ireo mpanao gazety mampiasa ny fiteny frantsay tao amin' ny *« Hôtel des Thermes »*. Voatanisa tao avokoa ireo fenitra momba ny Demokrasia sy ny foto - pisainana ombam - pitondran - tena amin' ny asa fanaovan - gazety. Anisan' izany ny fijoroana ho mpampahatsiahy ny tontolon' ny vaovao voamarina sy nohamarinina alohan' ny hamoahana azy ho amin' ny fitoniana. Ny mahagaga anefa, maro amin' ireo gazety na fampahalalam - baovao manohana azy no tsy manaraka izany fenitra izany. Manalabara - batana ?

Nijoro ho mpanome moraly ho an' ny rehetra koa ny Filoha Hery Rajaonarimampianina tamin' ireo ampahan - dahateniny ka nilazany fa tokony hakarina ny adihevitra. Iza amin' ireo fampahalalam - baovao misy eto moa izao no tsy manao izany. *« Mirefarefa amin' ny tany »* araka ny voambolan' ny sasany. Nefa milaza ny Filoha fa asa mendrika ny asan - gazety. Saingy tsaho sy sahoa fanodinkodinana saim - bahoaka no iniana avoaka an - gazety, handotoana izay tsy mitovy hevitra aminy. Tonga hatramin' ny fampiasana rohin - tseraseram - piarahamonina. Vokany, na ny Filohampirenena no maniraka ny olony handrava firaisankina sy hanimba fiaraha - monina na hanao herisetra, na ireo mpanolotsaina no mampijabaka sy tsy mahavita ny asany ara - dalàna.

### Io lalànan ' ny fifandraisana io ihany

Mitsanga - menatra noho iny lahatenin' ny Filohampirenena iny koa ny Firenena iray manontolo. Mifanohitra tanteraka amin' izay ataony mantsy ny kabary. Anisan' izany ny tsy fanjarian' ilay lalàna hifehezana ny fifandraisana sy ny fampahalalam - baovao. Koa no tsy namboarina hifanaraka amin' izany Demokrasia hirahiraina izany, izay efa notakin' ny rehetra io lalànan' ny fifandraisana io ? Lavitry ny afo ny kitay hametrahana gazety sy mpanao gazety tomponandraikitra raha io no ampiharina.

Mainka koa, tsy nisorona ny mpitarika ny Vondron' ny mpanao gazety mampiasa ny fiteny frantsay fa tokony hiverenana indray ny fifampiresahana amin' io *« lalànan' ny famoretana »* izirizirian' ny Fitondrana io. Tanjona ny hivoahan' ny hevitra vaovao mba hisian' ny demokrasia sy mba hisokatra kokoa. Tsy vitan' ny fitanisana am - bava ny etika sy deontôlôjia izany.

### Mitohy ny fanilikilihana

Tsy mifanara - tsaina sa mampiady ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra ? Raha niantso fitoniana sy fiatoana politika mantsy ny eny Mahazoarivo, ny mifanohitra amin' izany no nataon' ny eny Ambohitsorohitra tany Antsirabe tamin' ireo lahateniny. Tsy misy idiran' ny resaka fanonganam - panjakana voizin' ny ao amin' ny Fitondrana loatra mantsy io fiadiana ho an' ny fahalalahana maneho hevitra io fa iraisan' ny fampahalalam - baovao rehetra rahampitso sy rahafakampitso. Raha Fanjakana mirodana amin' izany dia efa izy no marefo sy malemy lohalika.

Nitranga koa anefa tao Antsirabe ny fanilikilihana mpanao gazety handrakotra ny vaovao tao an - toerana. Nahatsiaro tena ho toy ny zanak' Ikalahafa ireo matihanina. Tsy any amin' ny Upf no olana fa ny tsy fisian' ny fandaminana mivantana amin' ny Fiadidiana ny Repoblika. Mateti - pitranga io, rehefa misy fivoahana Manam - pahefana ivelan' Antananarivo ka itondrana mpanao gazety asaina miborosy Fitondrana avy aty an - dRenivohitra. Fanilihana toy izany no efa iadiana sy itolomana fatratra satria mahatsiaro ho toy ny ambanian' ny rafi - panjakana ireo mpanao gazety miasa any amin' ny faritra. Tratran' izany foana rehefa mpanao gazety na an' ny Fanjakana na tsy miankina. Atrehi - mahavita sy iamboho - mehefa anefa izy ireny. Tokony ho efa nanana vina lavitra iatrehana izany hatramin' izay ireo rafi - panjakana.

**R. S.**

TADIDIO LALAN-DAVA RY MPAMARINA AN-KADY SENDRA MISERANA IHANY FA NY OLONA AZO VONOINA, AZO GADRAINA FA NY HEVITRA MITOETRA MANDRAKIZAY. TSY METY NY ATAONAREO ARY TSY MAINTSY AMBARA AMIN'NY AMBAN'NY LANITRA REHETRA. REHEFA TSY MISY HENATRA INTSONY, REHEFA TSY MATAHOTRA AN'ANDRIAMANITRA INTSONY, ADIDY MASINA NY ANAY MPANAO GAZETY TSY VOAVIDY VOLA SY NY MALAGASY SAHY MIJORO SY TENA TIA TANINDRAZANA EO ANATREHINA TOE-JAVATRA MANTSINA BE.

Hadihady

# Sahia mitsara tena !

Areti - mifindra amin' ireo mpanao politika sy *« olon - tsotra manao politika »* eto amintsika mihitsy angamba ity manasoketa olona tsy ahoan - tsy ahoana ity. Zendana indray mantsy ny rehetra, omaly, nandre olona ambony niseho mpanome lesona. Ny nataony sy ny ataony, ary toa tsy hitany. Sa izany no tonga amin' ny hiran - dry Mahaleo hoe *« aza ny ataoko no atao fa izay lazaiko tanteraho ? »* Mba olona mpamaky Soratra Masina ihany, raha tsy hoe sanatria amin' ny endrika ivelany, dia tsy mahavita mijery sy mampihatra akory ilay voalaza fa mba mijery izay andry eo anoloan' ny masony mitaha amin' ny sombin - kazo eny amin' ny laingon' oron' ny hafa. Sahia mitsara tena vao miteny !

Tsy misy olombelona ambonin' ny tany ka tapi - pahaizana sy tampom - pahaizana. Rediredy ny an' izay mitompo teny fantatra amin' ny mifanohitra amin' izany. Saingy mahagaga kosa fa rehefa tonga vahiny vao manondrana mamasoka ny eto an - tanàna ireo mpitondrantsika. Hasohasoina kosa ny vahiny. Moa va tsy toy ny nataon' ilay Iraikalahy taloha sasatry ny manafatra Alemà na Amerikana lazaina ho manampahaizana raitra avy any ivelany any ? Ka moa va tsy mifanohitra amin' ity fanafenan - kilema amin' ny fahantram - bahoaka ity resaka ? Asitrika ny lovia sy vilany maloto, (raha misy) fa dradraina ankalamanjana ho ren' ny tany aman - danitra. Sahia mitsara tena vao mihogahoga !

Fa inty no tena lalina ! Niseho ho mpampianatra amin' ny fanajana demokrasia sy deontôlôjia ho amin' ny filaminana Ingahirainy. Tsara aloha izany r' ingahy Mpampianatra, raha ho fampahatsiahivana. Saingy manao izany ve ireo olona manodidina azy ? Tsarain' ny mpamaky any anaty rohim - piarahamonina any mantsy ireo endrika tsaho afafy isak' izay mihetsika, handemem - bahoaka na hanasoketana ny tsy mitovy hevitra amin - dry zareo. Vakiana fotsiny, araka ny fitenin' ny ankizy, noho ireo

